Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA ALAROBIA 4 NOVAMBRA 2020
Pasteur Falimanana RAHARINDRANTO

Lohahevitra: JESOA MANOLOANA NY SYNEDRIONA SY PILATO ARY HERODA
(Lio 22.54 – Lio 23.1-12)

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Amen

HIRA 1.1,2,3 (Andriananahary Masina Indrindra)

Vavaka Fanombohana

Teny fampidirana ny andalan-tsoratra masina

HIRA 206.1,3 (Ny Teny Masinao Jehovah Tompo ô)

Vakiteny 1 LIO 22.54-65 (Ny Fandavan'i Petera ho naman'iJesoa)

« Ary izy ireo nisambotra an'i Jesosy, dia nitondra Azy ho ao an-tranon'ny mpisoronabe. Ary Petera nanaraka teny lavidavitra eny. » (Lioka 22:54) « Ary raha namelona afo teo an-kianja ireo ka nipetraka, dia mba nipetraka teo aminy koa Petera. » (Lioka 22:55) « Ary ny ankizivavy anankiray, nony nahita azy nipetraka teo anilan'ny afo, dia nandinika azy ka nanao hoe: Ity koa nomba Azy. » (Lioka 22:56) « Fa izy nandà ka nanao hoe: Ravehivavy, tsy fantatro Izy. » (Lioka 22:57) « Ary vetivety foana rehefa afaka izany, dia nisy olona hafa koa nahita azy ka nanao hoe: Hianao koa mba naman'ireny. Fa Petera nanao hoe: Ralehilahy, tsy mba namany aho. » (Lioka 22:58) « Ary rehefa afaka tokony ho ora iray, dia nisy anankiray koa nitompo teny ka nanao hoe: Ilehio nomba Azy marina tokoa, fa Galiliana izy. » (Lioka 22:59) « Fa hoy Petera: Ralehilahy, tsy fantatro izay lazainao. Ary niaraka tamin'izay, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno. » (Lioka 22:60) « Ary ny Tompo nitodika, dia nijery an'i Petera. Ary Petera nahatsiaro ilay tenin'ny Tompo nolazainy taminy hoe: Raha tsy mbola misy akoho maneno anio, dia handà Ahy intelo ianao. » (Lioka 22:61) « Ary nivoaka Petera, dia nitomany mafy indrindra. » (Lioka 22:62) « Ary ny lehilahy izay nitana an'i Jesosy dia nanao Azy ho fihomehezana sady nikapoka Azy. » (Lioka 22:63) « Ary rehefa nanampi-maso Azy izy, dia nanontany Azy hoe: Maminania; iza moa no namely Anao? » (Lioka 22:64) « Ary niteny ratsy izy nilaza zavatra maro hafa koa nanaratsiany Azy. » (Lioka 22:65)

Fanazavana Fohy

HIRA 88.2 (Nafoin-dRay Irery Tao)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA …

VAVAKA MPITANDINA …

VAKITENY 2. LIO 22.66-71 (Jesoa manoloana ny Synedriona)

« Ary raha vao nazava ny andro, niangona ny loholona, dia ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ka nitondra an'i Jesosy ho eo amin'ny Synedriona, dia nanao hoe: » (Lioka 22:66) « Raha Hianao no Kristy, dia lazao aminay. Fa hoy Izy taminy: Na dia hilaza aminareo aza Aho, dia tsy hino ianareo. » (Lioka 22:67) « Ary na dia hanontany aza Aho, dia tsy hamaly akory ianareo. » (Lioka 22:68) « Fa hatramin'izao ny Zanak'olona dia hipetraka eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra. » (Lioka 22:69) « Dia hoy izy rehetra: Zanak'Andriamanitra va ary Hianao? Ary hoy Izy taminy: Voalazanareo fa Izaho no Izy. » (Lioka 22:70) « Ary hoy ireo: Ka inona indray no ilantsika vavolombelona? fa ny tenantsika no efa nandre tamin'ny vavany. » (Lioka 22:71)

Fanazavana Fohy

HIRA 70.1 (Iza moa io Zazakely)

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA …

VAVAKA MPITANDINA …

VAKITENY 3. LIO 23.1-6 (Jesoa manoloana an’i Pilato)

« Ary ny olona rehetra nitsangana ka nitondra an'i Jesosy tany amin'i Pilato, » (Lioka 23:1) « dia niampanga Azy ka nanao hoe: Ilehity hitanay nampiodina ny firenenay sady nandrara tsy handoa hetra ho an'i Kaisara ka nilaza ny tenany ho Kristy Mpanjaka. » (Lioka 23:2) « Ary Pilato nanontany Azy hoe: Hianao va no Mpanjakan'ny Jiosy? Ary Izy namaly azy ka nanao hoe: Voalazanao. » (Lioka 23:3) « Dia hoy Pilato tamin'ny lohan'ny mpisorona sy ny vahoaka: Tsy hitako izay helok'ity Lehilahy ity. » (Lioka 23:4) « Fa vao mainka nandentika ireo ka nanao hoe: Nampiodina ny olona Izy sady nampianatra eran'i Jodia rehetra, nanomboka hatrany Galilia ka hatraty. » (Lioka 23:5) « Raha nandre izany Pilato, dia nanontany raha olona avy any Galilia Jesosy. » (Lioka 23:6)

Fanazavana Fohy

HIRA 171.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA …

VAVAKA MPITANDINA …

VAKITENY 4. LIO 23.7-12 (Jesoa Kristy Manoloana an'i Heroda)

« Ary rehefa fantany fa avy tamin'ny tany tapahin'i Heroda Izy, dia nampanatitra Azy tany amin'i Heroda izy, fa tany Jerosalema koa Heroda tamin'izany andro izany. » (Lioka 23:7) « Ary faly dia faly Heroda, raha nahita an'i Jesosy; fa efa naniry ela hahita Azy izy, satria efa nandre ny aminy ary nanantena hahita famantarana hataony. » (Lioka 23:8) « Ary izy nanontany Azy teny maro; fa tsy namaly teny azy akory Jesosy. » (Lioka 23:9) « Ary ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna nijanona teo dia nitompo teny fatratra hiampanga Azy. » (Lioka 23:10) « Ary Heroda sy ny miaramilany namingavinga Azy ka nanao Azy ho fihomehezana, dia nampiakanjo Azy akanjo tsara ka namerina Azy tany amin'i Pilato. » (Lioka 23:11) « Ary tonga nisakaiza Heroda sy Pilato tamin'izany andro izany; kanefa nifandrafy izy roa lahy talohan'izany. » (Lioka 23:12)

Fanazavana Fohy

HIRA 98.1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA …

VAVAKA MPITANDINA …

Teny FANDRAVONANA

Andalan-tsoratra masina fandravonana 1 Jaona 4.15

« Na iza na iza manaiky fa Zanak'Andriamanitra Jesosy, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra, ary izy kosa ao amin'Andriamanitra. » (1 Jaona 4:15)

HIRA 332.1

TSO-DRANO